# Ilay Voa Tsara Nafafy 13 Desambra 2018

**13** **Alakamisy**
desambra

**Raha manaiky an'i Jesosy ho Tompo amin'ny vavanao ianao, ary mino amin'ny fonao fa Andriamanitra efa nanangana Azy tamin'ny maty, dia hovonjena ianao.** Romana 10. 9

**Inona no atao hoe mino ?**

Aminao, inona izany hoe kristiana ?

Olona mihevitra ho manana ny fahamarinana ve, ka mitady hanery anao hanaiky izany ? Sa olona maneho, eo amin'ny fihetsiny andavanandro, ny fahalemem-panahy, fahamoram-panahy, fahamarinana, toa an'i Jesosy Kristy ?

Ny hoe finoana kristiana dia tsy firehana amina fotopampianarana na rijan-kevitra, fa fanehoana fahatokiana an'Andriamanitra, Izay tia ny olona ka nampiseho izany tamin'ny nanomezany ny Zanany Lahitokana, mba hamonjy olona very (Jaona 3. 16). Andriamanitra dia nampahafantatra ny fitiavany, ny fahasoavany ary ny famelany heloka, tamin'ny nahatongavan'i Jesosy Kristy tetỳ an-tany, ny nahafatesany, ary ny nitsanganany tamin'ny maty. Ny hoe mino dia ny manaiky fa izany fanomezan'Andriamanitra izany dia natao ho ahy, mpanota diso lalana lavitra an'Andriamanitra, ary koa manaiky an'i Jesosy ho Mpamonjiko.

Ny hoe finoana, dia tsy ny mahafantatra sy mitanisa tsianjery fombam-piteny na vavaka, fa ny mandray avy amin'Andriamanitra ny zava-tsy ambaran'izy ireny. Ny hoe mino dia ny manaiky hoe iza moa Jesosy, toa an'i Petera niteny hoe : „Ianao no Kristy, Zanak'Andriamanitra velona" (Matio 16. 16).

Hoy Jesosy : „Indro, efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandondòna ; raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho ka hiara-misakafo aminy, ary izy amiko" (Apokalypsy 3. 20). Ny hoe mino dia ny mamoha ny varavarana. Dia Jesosy no manao izay rehetra tokony hatao, ao anatin'ny fontsika. Hoy ny Baiboly amintsika : „Izay mino ny Zanaka *(ny Zanak'Andriamanitra)* manana fiainana mandrakizay" (Jaona 3. 36). Ny kristiana izany dia mahalala fa manana fiainana mandrakizay izy, ary efa manomboka miaina izany sahady dieny ankehitriny.